# 1 Alahady
janoary

**Asandrato ny masonareo, ka mijere ; Iza no nahary ireny ?** Isaia 40. 26

**Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra… Izy no nahariana ny zavatra rehetra.** Jaona 1. 1, 3

**Midadasika**

Kintana telo arivo eo ho eo no hita, raha tsy mampiasa fitaovana, ary ireo dia ampahany bitika amin'ny Vahindanitra (la Voie lactée), ilay vondron-kintana (galaxie) misy ny tanintsika. Ny masolavitra lehibe dia ahafahana mahita zavatra hafa eny amin'ny lanitra, any ambadiky ny vondron-kintana misy antsika. Heverina ho zato lavitrisa any ho any ny isan'ny vondron-kintana, ary ny tsirairay amin'izy ireo dia misy kintana zato lavitrisa any ho any koa. Tsy takatry ny saintsika izany isa goavambe izany ; nefa ahazoantsika maminavina ny hery tsy voafetra ananan'Ilay nampisy izao zavatra rehetra izao.

Fa inona moa no antony nanosika Ilay Mpahary Tsitoha, ary inona no tanjona nokendreny ? Ny fitiavan'Andriamanitra no loharanon'ny fahariana manontolo : Izy dia naniry hanana voary ho ankohonana afaka mifandray aminy ; nitia antsika Izy, talohan'ny nanorenany izao tontolo izao.

Nefa raha vao nisy ny olombelona, dia tapaka ny fifandraisana tsara tamin'Ilay Andriamanitra fitiavana, noho ny tsy fankatoavantsika. Koa mbola naneho indray ny fitiavany Andriamanitra, ka naniraka an'i Jesosy Kristy ho etỳ an-tany, ary nataony ho isan'ny fahariana vaovao ny olona rehetra nandray Azy ho Mpamonjy : „Raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy ; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo" (2 Korintiana 5. 17).

Ny havitsin'ny kintana mba hitan'ny masontsika, amin'ireo kintana an-davitrisa lavitrisa misy, dia ahatakarantsika ny habitiky ny mba fahatsapantsika ny herin'Andriamanitra sy ny fitiavany. Ahoana no handrefesana ny fitiavany antsika ?

# 2 Alatsinainy
janoary

**Tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany.** Genesisy 1. 1

**... hanatona an'Andriamanitra velona, Izay nanao ny lanitra sy ny tany ary ny ranomasina mbamin'izay rehetra ao anatiny.** Asan'ny Apostoly 14. 15

## Mba mihevitra antsika ve Ilay Andriamanitra Mpahary ?

Na toa inona na toa inona fandroson'ny siansa, dia tsy takany mihitsy ny zava-miafina momba ny fiforonan'izao tontolo izao, na dia toa tsikariny ihany aza ny loharano nipoiran'izany. Andriamanitra mihitsy, Ilay Mpahary antsika, no mampianatra izany : „Tsy hitan'ny olona ny asan'Andriamanitra hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany" (Mpitoriteny 3. 11).

Ny fisian'izao tontolo rehetra izao dia manaporofo ny herin'Ilay Andriamanitra Mpahary, sy ny halehibeny. Izy no nahary ny zavatra lehibe tsy misy fetra.

Nefa ny fehezanteny voalohany ao amin'ny Baiboly dia milaza ihany koa fa Andriamanitra no nahary ny tany. Tahaka ny vovoka ny tany, miohatra amin'ny fidadasik'izao tontolo rehetra izao ; kanefa na dia bitika toy izany aza, dia ao anatin'ny drafitr' Ilay Mpahary ihany koa.

Ilay Andriamanitra loharano nipoiran'ny habakabaka midadasika sy nanorina ny tany, dia nametraka ny olombelona tao koa. Ary mihoatra noho izany aza, Ilay Andriamanitra nahary ny zavatra goavana dia mihevitra amin'ny antsipiriany ireo voariny tsirairay. Sarobidy eo imasony ny olona tsirairay, na lehilahy, na vehivavy, na ankizy. Tsy hoe nahary antsika Andriamanitra, dia tsy hiraharaha antsika intsony. Mifanohitra amin'izany aza, „Andriamanitra dia fitiavana" (1 Jaona 4. 8) ka te hanorina fifandraisana manokana amin'ny olona tsirairay. Tonga tetỳ antany Izy, nonina teo anivon'ny olona, tao amin'i Jesosy Zanany. Hoy ny Filazantsara amintsika : „Izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak' Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, dia ireo izay tsy nateraky ny ra, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa naterak'Andriamanitra" (Jaona 1. 12-13).

# 3 Talata janoary

**Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.**
Jaona 3. 16

**Nampitenenin'Andriamanitra ... tamintsika ny Zanany.** Hebreo 1. 1, 2

## Tia antsika Andriamanitra

Fantatrao ve fa tian'Andriamanitra ianao ? Angamba ianao tsy nangataka na inona na inona taminy, kanefa dia tia anao Izy. Angamba mihevitra ny tenanao ho tsy dia maha te ho tia loatra ianao, kanefa dia tia anao Izy. Tsy hoe satria tsara fitondrantena ianao na niezaka hanao ny tsara. Tsia, fa satria Izy no Mpahary anao, ary tiany ny voariny ; noporofoiny izany !

Eny, nirahiny ho etỳ an-tany Jesosy Kristy Zanany, Izay tonga olombelona mba hiteny amintsika amin'ny fiteny azontsika. Ankehitriny Izy dia tsy eto an-tany intsony, nefa mbola afaka mihaino ny feony sy mahita ny fiainany isika, rehefa mamaky ireo filazantsara. Efa nataonao ve izany ? Efa mba nanokana fotoana hamakiana ny Filazantsara ve ianao, mba hahafantatra, hahita ary hihaino an'Andriamanitra ?

Ny hafatra voalohany ampitain'Andriamanitra amintsika dia tsy mahafinaritra. Ambarany fa tsy nankatò Azy isika, ka noho izany dia mendrika ny hosazina. Fa Jesosy, Ilay nirahin'Andriamanitra, dia nanaiky hosazina hisolo toerana anao, hisolo toerana ireo rehetra mandray Azy amin'ny alalan'ny finoana Azy. Dia nanaiky hohomboana teo amin'ny hazofijaliana Izy ; ary Izy, Ilay marina, no nizaka ny famaizana sahaza ny fahotantsika, mba tsy hohelohina ireo mino Azy. Koa dia atolony azy ireo ny famotsorankeloka tsy iverenana intsony, sy ny fiainana vaovao ifandraisana amin'Andriamanitra. Tsy izany ve no porofo lehibe indrindra fa tiany isika, porofo fa tia antsika Andriamanitra ?

Anio Andriamanitra dia mangataka anao mba hibebaka sy hino an'i Jesosy Kristy. Tsy manery anao Izy, fa maneho aminao ny fitiavany sy miangavy anao mba hino : tsy tian'Andriamanitra ho very ianao, fa tiany hanana fiainana, dia ilay tena fiainana.

# 4 Alarobia
janoary

**... tahaka ny nidiran'ny ota avy tamin'ny olona iray ho amin'izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran'ny fahafatesana, ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra.**

Romana 5. 12

**Nefa teo amin'izay nihabeazan'ny ota no nihoaran'ny fahasoavana be lavitra.**

Romana 5. 20

**Ny Filazantsara**

*Genesisy 2. 15-17 sy 3. 6-12*

Tsy noarìna ho sariolona baikoina (robot) aho, ka hoe tsy mahavita manapa-kevitra samirery. Ampahafantarin'ny Baiboly ahy fa noarìn'Andriamanitra ho tahaka ny endriny aho, araka ny tarehiny (Genesisy 1. 26, 27), izany hoe mahay mitia, misaina, mieritreritra, manaiky na mandà ; raha bangoina, dia hoe olona afaka.

Izany fahafahana izany dia mifono andraikitra. Ny olombelona dia tsy biby baikoin'ny filàna tsy voafehy. Noho izany dia andraikiny ny mahatsiaro tena ka mankatò Ilay Mpahary azy. Tao Edena, ilay paradisa teto an-tany, rehefa nozahan-toetra i Adama sy Eva, dia nisafidy ny tsy hankatò an'Andriamanitra. Nodikainy ilay hany didy nandrarana azy ireo. Fahotana, fahoriana, fijaliana ary fahafatesana no vokatr'izany, ho an'ny zanak'olombelona, satria samy efa nanota izy rehetra.

Fa tsy mijanona hatreo tsy akory ny Tenin'Andriamanitra. Manambara vaovao mahafaly izy : „Fahafatesana no tambin'ny ota ; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika" (Romana 6. 23). Tsy nitady izay hanatsaratsarana ny olona tsy akory Andriamanitra. Nirahiny ny Zanany, tonga olombelona, dia Jesosy Kristy, Izay niaina teto an-tany araka izay notadiavin'Andriamanitra. Natolotr'i Jesosy Azy ny fiainana lavorary, tsy nisy ota, „nanetry tena [Izy] ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazofijaliana" (Filipiana 2. 8). Teo Jesosy no niaritra ny famaizana sahaza antsika, amin'ny maha mpanota antsika, mba ho voavonjy isika, raha manaiky io famonjena io, amin'ny alalan'ny finoana. Izany no hafatra entin'ny Filazantsara : hafatra tsotra, lalina, mitera-boka-tsoa.

# 5 Alakamisy janoary

**... ny fahamarinana izay ao amin'i Jesosy.**
Efesiana 4. 21

**Fantatray fa Izy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao.** Jaona 4. 42

### Iza no hinoana ?

— Tsy afaka hino aho, hoy ity tovolahy iray avy nandre ny Filazantsara.

— Izany ve ? hoy ilay mpitoriteny. Iza no tsy azonao inoana ? Tsy afaka ny hino an'Andriamanitra ianao, kanefa dia olona marobe no itokisanao mandritra ny tontolo andro !

— Marina izany, mino ireo namako aho. Tsy mametra-panontaniana ny amin'izay lazainy aho, ary mamaly azy ireo. Rehefa tena dinihina, dia matoky olona maro tokoa aho, ary eo amin'ny sehatra samihafa. Andriamanitra sy ny teniny ihany no tsy tiako hinoana. Mahagaga izany. Rehefa tena eritreretina, dia tsy misy antony mitombina tsy hatokisako an'Andriamanitra…

Tsy nampoizin'io tovolahy io akory, fa rehefa manaiky hampiditra fahazavana kely ao amin'ny fieritreretany izy, dia hanazava azy manontolo izany. Nanjary ho azy izao ny Filazantsara henony tamin'iny hariva iny. Takany fa mila an'i Jesosy Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, izy. Nivavaka taminy izy, niaiky izay tsapany fa naha meloka azy teo amin'ny fiainany. Ary androtr'io ihany izy dia nahazo antoka, tamin'ny alalan'ny Baiboly, fa voavonjy ary vita fihavanana amin'Andriamanitra.

Inona no atao hoe mino ? Miantoraka tanteraka amin'olona mendrika itokisana. Ny finoana an'Andriamanitra dia tena misy, rehefa manatona Azy isika, miaraka amin'izay ananantsika sy izay maha isika antsika. Nampanantena Andriamanitra fa hamonjy izay olona mino. Te hamela heloka antsika Izy, ary te hanadio antsika ho afaka amin'ny fahotana rehetra. Tari-dalana vaovao sy mampandroso no tiany ho an'ny fiainantsika, ka omeny fiadanam-po sy fahazoana antoka isika, fa tsy tahotra na horohoro.

# 6 Zoma
janoary

**Hoy Jesosy taminy : Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana ; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako.** Jaona 14. 6

**Izao no niaviako amin'izao tontolo izao, dia ny hanambara ny marina.** Jaona 18. 37

## Ela nikatsahana ny marina

„Tia ny marina hatrany aho, hoy i Nicole, nitantara. Hatramin'izay nahatsiarovako tena aho dia efa nikatsaka izany foana. Vao herotrerony aho, dia efa nivadika ho hetaheta mahamay io fikatsahana io. Ahoana no hampitoniana izany ? Nitodika tany amin'ny filôzôfia sy ny psikôlôjia aho. Na izany aza anefa dia diso fanantenana aho : vita ny fianarako, nefa mbola tsy nahita ny marina ihany aho. Ny zavatra rehetra dia toa arakaraka ny olona, ary mampalahelo. Tsy nino an'Andriamanitra intsony aho, ary toa poaka aty sy tsy misy dikany ny fiainana.

Tamin'izay no nisy mpiara-miasa tamiko iray, izay kristiana, nampiseho fitiavana ahy. Nahatsapa ny fahoriako izy, ary nahatsara ahy ny nifaneraserako taminy. Niha nangozohozo ny tsy finoako an'Andriamanitra. Ny vavaka sy ny famakiana ny Baiboly (ny Testamenta Taloha, satria Jiosy aho) dia nanjary tanana nitsotra ho ahy. Tanana nisintona ahy avy tao amin'ny haizina mba hitondra ahy ho any amin'ny mazava feno fanantenana.

Nampieritreritra ahy anefa ny anaran'i Jesosy Kristy. Dia ho Izy ve no Ilay Mesia Izay nambara ? Nony farany, dia tapa-kevitra aho hamaky ny Testamenta Vaovao koa. Nefa na dia fehezan-teny iray aza, dia tsy neken'ny saiko hinoana. Niantso vonjy tamin'Andriamanitra aho, nandritra ny ora maro. Tampoka teo dia nisy teny nanindrona mafy ny fanahiko, hoe : Jesosy Kristy no fahamarinana. Tsy rafi-pisainana filôzôfika na antokom-pivavahana, fa Olona. Sambany teo amin'ny fiainako aho no nivavaka tamin'ny anaran'i Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra. Tsy ho hadinoko na oviana na oviana ny hazavana, hafaliana ary fiadanana niditra tao anatiko. Hitako, tamin'izay, ny varavarana mankao antranon'ny Raiko, ary tsy hiala ao intsony aho mandrakizay."

# 7 Asabotsy janoary

**Izay zavatra tsy hain'ny olona dia hain' Andriamanitra.** Lioka 18. 27

**Tsy misy mahalala tsara ny Zanaka, afa-tsy ny Ray ; ary tsy misy mahalala tsara ny Ray, afa-tsy ny Zanaka sy izay tian'ny Zanaka hanehoana Azy.** Matio 11. 27

## Mahalala tsara an'Andriamanitra

Mahalala tsara an'Andriamanitra, vitantsika ve izany ? Iza no afaka hilaza fa mahalala Azy ? Izy kosa anefa dia mahafantatra antsika sy tia antsika ! Ary iriny indrindra ny hampahafantatra ny tenany, ny haneho ny tenany ho Ilay Andriamanitra fitiavana, Izay mitoetra ao amin'ny mazava. Mampanantena ny tsirairay Izy hoe : „Hitady Ahy ianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra" (Jeremia 29. 13). Hoy Jesosy : „Fantatro ny Ahy, sady fantany Aho, dia tahaka ny ahafantaran'ny Ray Ahy sy ny ahafantarako ny Ray" (Jaona 10. 14, 15). Fahasambarana izany hoe isan'ny ankohonany izany !

Maneho ny tenany ihany koa Izy amin'ireo fanomezany :

— Ny famelan-keloka : „Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin'ny tenako, ary tsy hotsarovako ny fahotanao" (Isaia 43. 25).

—Ny fiainana mandrakizay : „Izaho manome azy fiainana mandrakizay" (Jaona 10. 28).

—Ny fahazoana antoka fa voavonjy : „Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo" (1 Jaona 5. 13).

— Ny fahendrena sy ny fahalalana (Mpitoriteny 2. 26).

— Fa mihoatra noho izany aza, „Toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay" (Jaona 3. 16).

# 8 Alahady
janoary

**Andriamanitra mampitoetra an-trano izay irery tena ; mamoaka ny mpifatotra ho amin'ny fanambinana Izy.** Salamo 68. 6

## Tsy ho irery intsony

Ao anaty hakiviana tanteraka ianao, ary angamba mahafantatra tanora namono tena, tahaka ireo maro hafa koa…

Te hampahery anao izao hafatra izao. Maro ny mametraka ireto fanontaniana ireto : Iza no mba tena mihevitra ahy ? Ahoana no hialako amin'izao maha irery ahy izao, izaho izay mahatsapa fa nilaozan'ny rehetra sy tapi-dalan-kaleha ? Atao inona ny miaina ?

Henoy àry, misy fanantenana ho anao : Fantatr' Andriamanitra ianao ; fantany ny anaranao, fantany ny fonenanao. Tsy hoe tsy miraika amin'ny fanahianao Izy, na amin'ny toe-javatra miseho eo amin'ny fiainanao. Liana ny aminao Izy ary tsy maniry afa-tsy izay hahasoa anao. Tsy vitan'ny hoe fantany fa sahirana mafy ianao, fa fantany koa ny olanao lehibe indrindra, dia ny niainanao lavitra Azy angamba, hatramin'izao. Izany no antsoin'ny Baiboly hoe „ny ota". Izay rehetra mifanohitra amin'Andriamanitra ao amin'izay eritreretinao sy izay ataonao, dia mampisaraka anao aminy. Saingy tia anao Izy, ary te hanafaka sy te hanampy anao.

Avelanao hanampy anao ve Izy ? Raha izany, dia matokia Azy, ekeo fa tsy mahay manarina izany rehetra izany ianao. Manatòna Azy amin'ny alalan'ny vavaka, ambarao aminy ireo zava-manahirana anao, ny fahorianao, ny tsy fahombiazanao. Tsy hanosi-bohon-tanana anao Izy, fa handray anao amin'izao toetranao izao. Nirahiny ny Zanany, Jesosy Kristy, mba handamina ny momba ireo fahotanao, tamin'ny nahafatesany teo amin'ny hazofijaliana. Ary raha miaiky an-kitsimpo ireo fahadisoanao ianao, dia hotoloran'Andriamanitra famelan-keloka feno. Dia hanjary zanany ianao. Izay manana an'Andriamanitra ho Rainy dia tsy hanirery intsony ary tsy hafoiny. Tsy mba te hanatona Azy ve ianao anio ? Tsy mba te hiresaka amina kristiana vitsivitsy izay mety ho fantatrao ?